TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

Talata 27 janoary 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

PRIMATIORA

- Nankatoavina ny Fampitana am-bava momba ny loza mitatao amin'ny mety ho fahavakisan'ny tohodrano eo amin'ny renirano Sisaony, ao amin'ny Fokontany Tongoloina, Kaominina Ampahitrosy, Distrikan'Antananarivo Atsimondrano, ary ireo fepetra maika noraisin'ny Governemanta.

MINISITERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanomezana alalana manokana ampiasana ireo mpiasam-panjakana avy amin'ireo minisitera hafa entina manamafy ireo mpiasa eo anivon'ny Minisiteram-panjakana eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fananganana eo anivon'ny Minisitera tsirairay sampana roa samy hafa: ny sampana fitsirihana anatiny (*audit interne*) sy ny sampana misahana ny fanavaozana.

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny tatitry ny mety hisian'ny fihotsahan'ny tany eny amin'ny Haute-Ville sy ireo fepetra noraisina.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fanomezan-dalana handraiketena fandaniam-bola amin'ny asa fanarenana ny Tranompokonolana ao Soavinandriana.

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY + MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanafoanana ny fampiatoana vonjimaika ny fikarakarana ireo fangatahana sy ireo antontan-taratasy ho an'ny fahalaniana paik'andro manome zo (*Prescription Acquisitive*) sy ny fanamarinana ny volavolana didim-panjakana mamaritra ireo fepetra fampiharana ny andininy 82 amin'ny didy hitsivolana laharana faha 60-146 tamin'ny 03 oktobra 1960 momba ny "*régime foncier de l'immatriculation*".

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nankatoavina ny fampitan am-bava momba ny fidiran'i Madagasikara ho mpikambana ao amin'ny Fikambanana EDCTP (*European and Developing Countries Clinical Trials Partnership*) sy handray anjara amin'ny fiaraha-miasany amin'ny Vondrona Eoropeanina (GH-EDCTP3), hoenti-miady amin'ireo aretina mifindra mifamatotra amin'ny fahantrana, sy hanamafisana ny fikarohana ara-pitsaboana (*recherche clinique*) any Afrika Subsaharienne ary eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

- Nankatoavina ny hampiasana ireo toeran'asa voafaritra anaty tetibola (*postes budgétaires*) miisa zato (100) azo ho an'ny taom-pikatrohana 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny hamindrana ao amin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny (*Budget Général de l'État*) ireo mpiasa eo anivon'ny Instituts Supérieurs de Technologie Antananarivo sy Antsiranana.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAKASA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanovàna ireo tetiandron'ireo tombana sy fanadinana ary fifaninana nasiônaly sahanin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fampiofanana arakasa

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanomanana ny andiany voalohany amin'ny Herinandron'ny Fanapariahana ny teknikam-pambolena eto Madagasikara, ny 17 hatramin'ny 20 febroary 2026.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanohanana ara-bola manokana ny orinasam-panjakana SECREN S.A. mifanaraka amin'ny fandoavana ny ampahany amin'ireo karama tsy mbola voaloa.

MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanomanana atrikasa roan'ny "*Organisation de Coopération et de Développement Économique*" (OCDE) momba ny fampiroboroboana ny fifaninanana sy momba ny fanodinkodinana ny tsenam-baro-panjakana.

MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanokafana indray ny fahazoan-dalana hitrandraka harena an-kibon'ny tany vaovao ankoatra ny volamena.

MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fankatoavana ny Paikady sy ny Drafitrasa nasionaly ho an'ny zava-manana aina eto Madagasikara (SPANB) 2026-2030.

MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY FAMPANDROSOANA LOVAINJAFY + MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanatanterahana ny fandaharanasa nasiônaly "mpianatra iray, hazo iray".

MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanokanana ny andron'ny 10 desambra isan-taona ho androm-pirenen'ny Tsapiky sy ny fankalazana io andro io amin'ny alalan'ny Tsapiky Festival, ny 27 sy 28 febroary 2026 any Toliara, Faritra Atsimo Andrefana.

II. FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY

- Nolaniana ny didim-panjakana famerenana manamboninahitra iray eo anivon'ny Tafika Malagasy.

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-697 tamin'ny 18 jona 2025 mamaritra ireo fepetra fananganana ny "*Sommier National des Baux*" ho famondronana, fitantanana ary fanaraha-maso ireo torohay rehetra momba ny fananan-tany mifandraika amin'ny fifanekena hofan-tany natao tamin'ny Fanjakana Malagasy.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna manome alalana ny hanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sonia ny fanitsiana ny Fifanarahana lasitry ny Alliance Solaire Internationale.

III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ny **Général de Brigade Aérienne (ER) RAKOTOMARONIRINA Jean Alfred** ho Tale Jeneraly mpisolo toerana eo anivon'ny *Fonds Souverain Malagasy.*

PRIMATIORA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1149 tamin'ny 05 novambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa KASSAM Zitana** ho *Directeur Administratif et Financier* eo anivon'ny Primatiora.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-085 tamin'ny 05 febroary 2020 ary manendry ny **Capitaine de Vaisseau RAMAROSATA Dimbiharivony Gislain** ho Tale Jeneralin'ny *Centre de Fusion d'Informations Maritimes* (CFIM).

MINISITERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY FANAVAOZANA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RANARIVAO Onitiana Sitraka** ho Talem-paritra Itasy eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAKANIRINA Andriamalala** ho Talem-paritra Bongolava eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIANASOLO Eliahevitra** ho Talem-paritra Sava eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RASOANAMARY VOIZY Blandine** ho Talem-paritra Atsinanana eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa ANDRIANANDRAINA Aldine Bernadette** ho Talem-paritra Analanjirofo eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO Tojo Harinala** ho Talem-paritra Boeny eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAMAROSON Moïse** ho Talem-paritra Betsiboka eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa FLORENT Jean Christian** ho Talem-paritra Sofia eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMAMPIONONA Roger** ho Talem-paritra Melaky eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAHERINTSOA André Berthieu** ho Talem-paritra Amoron'i Mania eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa IOTOKAROZY** ho Talem-paritra Atsimo Atsinanana eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa FRIDOLIN Caleb** ho Talem-paritra Vatovavy eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANAIVO Roger** ho Talem-paritra Menabe eo anivon'ny Minisiteram-panjakana Misahana ny Fanavaozana.

MINISITERAN' NY RAHARAHAM-BAHINY

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIANOMENJANAHARY Richard Lalaina** ho *Ambassadeur Extraordinaire et Plénipotentiaire de la République de Madagascar auprès de la République populaire de Chine*.

MINISITERAN' NY FITSARANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-174 tamin'ny 19 febroary 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RAMANANKAVANA Claudette Sophia** ho *Premier Président de la Cour Suprême*.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-750 tamin'ny 17 aprily 2019 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIANJAFIMAHERY Alphonse** ho Tale misahana ny Mahaolona eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY Heriniaina Narisoa** ho *Directeur des Affaires des Juridictions Administratives et Financières* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-751 tamin'ny 17 aprily 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RAMIARINARIVO Mamisoa Harinivo** ho *Directeur de l'Administration des Juridictions Judiciaires* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-068 tamin'ny 20 janoary 2021 ary manendry an-d**Ramatoa RALIMANANA Felanarivo** ho *Directeur de la Formation Initiale des Elèves Greffiers* (DFIEG) ao amin'ny *Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes*.

MINISITERAN' NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-991 tamin'ny 17 aprily 2024 ary manendry an-d**Ramatoa NOMENJANAHARY Claude Nicole** ho Lehiben'ny Distrikan'i Vangaindrano.

MINISITERAN' NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-142 tamin'ny 31 janoary 2024 ary manendry an'**Andriamatoa SENDRATIANA Luc Michel** ho *Directeur des Etudes, de la Planification et du Système d'Information* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-273 tamin'ny 12 martsa 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RALIBERA ANDRIAMAHOLY Jerisoa** ho *Directeur de l'Office National de Lutte Anti-Tabac* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-370 tamin'ny 02 aprily 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOALISON SOLONOMENJANAHARY Armand Fréderic** ho *Directeur de la Promotion de la Santé* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

MINISITERAN' NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROANA ARA-TSIANSA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARISON Miary** ho Tale mpisolo toerana ao amin'ny Oniversiten' Alaotra Mangoro.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa OVA RAELISON Johnson Daniel** ho *Président de Conseil d'Administration du Centre National du Télé-Enseignement de Madagascar*.

MINISITERAN' NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2014-1881 tamin'ny 10 desambra 2014 ary manendry an'**Andriamatoa RAMANANA Aimé Jean Doris** ho *Directeur de la Formation Initiale* ao amin'ny *Ecole Nationale d'Administration de Madagascar* (ENAM).

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-578 tamin'ny 27 martsa 2019 ary manendry an'**Andriamatoa JAOROBY Willi Chrétien** ho Tale Jeneralin'ny *Institut National de Formation Administrative* (INFA).

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1238 tamin'ny 13 jona 2024 ary manendry an'**Andriamatoa SEVA Judicaël Jean Cedrick** ho *Directeur des Affaires Financières et de la Gestion du Patrimoine* eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa, ny Fampananana asa sy ny Asam-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa ANJARASOA Vololomboahirana Nandrianina** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana asa sy ny Asam-panjakana Ihorombe eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa, ny Fampananana asa sy ny Asam-panjakana.

MINISITERAN' NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa NDIMBIARISON Mario** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro Analamanga eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ZAFINDRABE Josoa Vonjinomena** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRAVALONASY Etienne Barbier** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro Fitovinany eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

MINISITERAN' NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-149 tamin'ny 31 janoary 2024 ary manendry an-d**Ramatoa TIANDRAZANA Sylvia** ho *Directeur Administratif et Financier* eo anivon'ny Minisiteran'ny Harena An-kibon'ny Tany.

MINISITERAN' NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-557 tamin'ny 06 martsa 2024 ary manendry an-d**Ramatoa RAOELINA Maharavo Landy** ho *Directeur des Appuis et des Relations avec les Partenaires* de Tahiry Aina ho an'ny Fanatanjahantena sy Itsinjovana ny Tanora (DARP/TAFITA) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena.

IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY FITSARANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana nanendry ny Talem-paritra roa ambiny roapolon'ny Fandraharahana ny Fonja eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1016 tamin'ny 17 aprily 2024 nanendry ny *Directeur de l'Unité de Supervision et de Coordination des Actions sur l'Agriculture Biologique* (USCAB) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana (MINAE).

Antananarivo, 27 janoary 2026,

Rahajason Harry Laurent

Talen'ny Serasera

eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara